## Fiainam-bahoaka
# Velirano tsy misy ventiny ny an'ny fitondrana 3

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 17 septambra 2019 Laharana 954
Vidiny : 400 Ar

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 152), Madagasikara 15 septambra 2019** 5

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

## Raharaha helikôptera 3
# Ny alakamisy 19 septambra ny didim-pitsarana



## Kandida Rina Randriamasinoro 2
# Tsy atoro voanjo hadiana eto Antananarivo



### "HAJA BOUM", KANDIDÀ TIM 2
## Vonona hampandroso an'Ambohimangakely



### Zotra Andoharanofotsy 7
Mitaraina ny mpandeha amin'ireo mpitatitra mivily any amin'ny By-pass

### FIMPIAMA 6
Mitaraina noho ireo Sinoa Mpanao lalàna etsy amin'ny Route Digue

### Kick Boxing 6
Ny 22 septambra ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara any Fianarantsoa

### Daka kely
Tetik'asan-dRajao ihany kay ilay Pangalana ry Boaikely a !

### Kaominina Anosiavaratra 2
## Raparivo Raobelina no kandidàn'ny TIM



KANDIDA RINA RANDRIAMASINORO

## Tsy atoro voanjo hadiana eto Antananarivo Renivohitra

Randriamasinoro Tahiry Ny Riana no kandida nofidian'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) hitondra ny fanevany eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ary nahazo tsodrano tamin'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana. Somary lava ilay Tahiry Ny Rina Randriamasinoro, fa ataovy Rina Randriamasinoro ihany dia ampy iantsoana ahy hoy izy, amin'izao hazakazaka ho amin'ny fitantanana ny renivohitr'i Madagasikara izao. Velombolo ny rehetra vao nahita fa RINA no kandida natolotry ny TIM, izay mbola tena ao anatin'ny fahatanoràna tanteraka, nefa efa sahy nisedra zavatra maro. Dingana maro no efa natrehiny, ka avy dia resy lahatra ny rehetra fa vonona ny hampandany azy amin'ny fifidianana ben'ny tanàna ho avy io. Fa iza moa ny kandida Randriamasinoro Tahiry Ny Riana ? Tahiry



*Rina Randriamasinoro, kandidà ben'ny tanàna TIM eto Antananarivo Renivohitra.*

Ny Rina Randriamasinoro no anarany. 36 taona, manambady, niteraka mianadahy ary manana taiza mianadahy hafa koa.
Tanora zanak'Antananarivo, mipetraka ao amin' ny Firaisana faha V, tena tia fanatanjahantena, manam-pahaizana sady matahotra an'Andriamanitra.
Nianatra teny amin'ny EPP, CEG sy Lycée Nanisana izy.
Ary nanohy nanao Master II option Finance, specialisation contrôle de gestion, Diplôme de Hautes études en Administration, spécialisation Administration Financière ENAM.
Rehefa vita fianarana i Tahiry Ny Rina dia niasa:
2007 - 2016 responsable financier des projets de developpement
financé par la Banque Mondiale.
2016 - 2019 Directeur Administratif et Financier (DAF) CUA.
Ny tsara ho fantatra momba an'i Tahiry Ny Rina koa dia zanak'olon-tsotra izy, efa nandalo lalam-piainana samihafa ary mahalala tsara ny hetahetan'ny vahoaka eto Antananarivo. Ny risim-pony te hanao zavatra tsara, sy ny zava-bitany tamin'ny fampandrosoana ny Firenena no antony nisafidianako azy hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Mahatokisa isika vahoaka hoy Dada fa olona mendrika hitantana sy hitondra an'Antananarivo izy. Mifalia isika fa manana tanora hitondra fanantenana vaovao. Tiako Iarivo, Tiako i Madagasikara!

***Helisoa***

Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa

## Hiverina ho mpanao gazety mandra-pahavitan'ny fifidianana



*Ny ben'ny tanànan'Ivato, Penjy Randrianarisoa.*

Mitondra fanehoan-kevitra momba ny kaominina sy ny fiainam-pirenena ny ben'ny tanànan'Ivato distrikan'Ambohidratrimo, Penjy Randrianrisoa, tao aorian'ny nahavitany nametraka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana indray, sy andro maromaro mialohan'ny hametrahany fialana satria mirotsaka ho fidiana ho ben'ny tanàna indray ny tenany. « Misaotra ny tompo aho fa vitako ny asako nampindraman'ny vahoaka ny fitokisana ahy tao anatin'ny 4 taona nitondrako ny kaomnina Ivato. Nadio izaho niditra teto, ary mihevitra aho fa mbola madio nivoaka teto. Raha misy mihevitra fa nisy kolikoly avo lenta vitako, dia afaka mametraka fitoriana haingana izy ireo amin'izao fialako izao, mba hahafantarany ny marina na nisy izany na tsia. Ho ela velona tompoko isika rehetra satria miverina ho mpanao gazety aho manomboka izao", hoy ity kandidà ben' ny tanàna avy amin'ny antoko TIM eny Ivato ity.

***Ny Valosoa***

"Haja boum", kandidà TIM

## Vonona hampandroso an'Ambohimangakely

Nitohy tamin'ny alalan'ny fanaovana didim-poitra maimaimpoana, ny fanaovana asa sosialy efa fanaon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), eny Ambohimangakely hatramin'izay. Nanamarika Razanakoto Hajasoa Pascal "Haja boum", ity farany, izay kandidà ho ben'ny tanàna eny Ambohimangakely Antananarivo Avaradrano, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara, fa tsy hijanona hatreo akory ny asa fanasoavana sy fanampiana ny mponina eny an-toerana, fa hitohy hatrany izany ho fanamaivanana ny fahantrana sy ny fahasahiranana baben'ny vahoaka Malagasy ankehitriny. Ampahany amin'ny fanohizana ny asa ho fitsinjovana hatrany ireo mpiara-monina ny fanorenana sy fanavaozana la-



*"Haja boum", olon'ny fiarahamonina ny lehilahy.*

va-drano ary ny fampidirana herin'aratra eny ambanivohitra amin'ny alalan'ny fampiasana ny herin'ny masoandro. Efa maty paika rahateo ny drafitr'asam-pampandrosoana ho an'ny kaominina Ambohimangakely rehefa mby eo amin'ny toeran'ny Ben'ny tanàna Razanakoto Hajasoa Pascal "Haja boum".
Efa vonona ny handrombaka fandresena amin'ny ny fifidianana ho ben'ny Tanàna sy mpanolotsaina ho tanterahana, ny alarobia 27 novambra ho avy izao, araka izany ny antoko Tikao i Madagasikara eny Ambohimangakely. Vary sy rano rahateo ny antoko sy ny mponina eny Ambohimangakely.

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Politika sy toekarena

## Mila mihazona ny maha izy azy hatrany Antananarivo

Nohindrahindraina vao nipoitra ny kandidan'ny IRD, Naina Andriatsitohaina, fa iray amin'ireo mpanefoefo eto amin'ny firenena amin'ny fananany orinasa maro. Teny amin'ny Pk zéro Antanimena no nanambarana tamin'ny fomba ofisialy fa izy no atolony. Tsy mandehandeha ho azy izany rehetra izany. Ho an'ny mpandinika dia miharihary fa miray tendro ireo mpanefoefo vitsy an'isa miara-dia amin'ny fitondrana hatrany amin'ny andron'ny tetezamita. Niray ketrika tamin'ny fomba rehetra nampandaniana nandrombahana ny fahefana, na tamin'ny taona 2009, na fifidianana filoham-pirenena farany teo. Niaraha-nahita tsara ny fomba nahazoan'izy ireo ny fandresena tamin'izany indrindra tamin'ny farany teo ireny. Ity kandida ho ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra ity dia miray volo amin'izy ireo ary nanaiky izay fomba samihafa nandrombahana ny fitondrana izay. Mazava loatra, fa tsy hiala lavitra an'izany no hizorany, araka ny tombantomban'ny mpandinika ny fiainam-pirenena, raha hiroso amin'izao fifidianana manaraka izao. Iray ao anatin'izany efa ahiahin'ny maro dia ny fampiasana volabe indray toy ny nataon'i Andry Rajoelina ihany. Hovidina sa hofitahina amin'ny vola sy ny zavatra marobe manodoka amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra ny mponin'Antananarivo renivohitra? Efa nodian'ny tompon'andraikitra mahefa voakasika fanina ny amin'ny tokony hanambarana ny loharanom-bolan'ireo kandidà hirotsaka tamin'ny fifidianana filoham-pirenena teo iny. Tsy tafavoaka anefa ny tokony hanaovana fanadihadiana ny amin'izany. Misy antony izany, fa tsy mandehandeha ho azy. Raha ny feo mandeha anefa dia mety hiverina indray io fomba fanatosahana volabe io amin'ity fifidianana manaraka ity? Hisy fepetra horaisin'ny tompon'andraikitra misahana ny fifidianana momba izany mialoha ve, hisorohana izay mety ho vokadratsiny any aoriana? Efa ireo mpanefoefo vitsy an'isa, teratany na vahiny, mpiray petsapetsa no mifehy ny toekarem-pirenena eto amin'izao fotoana izao. Ary tsy mitsahatra izy ireo, araka ny fanadihadiana, ny miezaka mamahatra araka izay fara heriny sy amin'ny fomba samihafa rehetra izany laka eo am-pelatanan'izy ireo izany, toy ny fihazonan'ny saka nofon-kena eo an-tanany. Mazava loatra fa noho ny tombontsoa tsy hita pesimpesenina misy eto amin'ity firenena ity, ary mora azo, no mahatonga azy ireo hanao izany. Efa be ny azony na koa voarobany, fa toy ny ranon-tsira io. Mbola azo ekena ve ny hifehezin'izy ireo koa ve ny renivohitr'ity Nosy ity, hangejany misimisy kokoa amin'ny fomba moderina an'i Madagasikara? Aoka hihazona ny hasiny sy ny maha izy azy hatrany Antananarivo dia ny fijanonana ho mpanohitra, mahohitra ny saribakolimbazaha, manohitra ny mpanongam-panjakana, manohitra ireo mpamotika firenena sy ny mpiray tendro aminy hatramin'ny taona 2009.

***Sôh'son***

Kaominina Anosiavaratra

## Raparivo Raobelina no kandidàn'ny TIM

Raparivo Raobeliona na Rôby, no kandidàn'ny antoko Tiako i Madagasikara, na ny TIM, any amin'ny Kaominina Anosiavaratra distrikan'Antananarivo Avaradrano. Mitarika ny lisitry ny mpanolotsaina kosa ho an'ity antoko ity Rakotoarison Armand. Zanak'Anosiavaratra izy ireo, ary vonona hitondra fampandrosoana ity tanàna ity, kaominina vao niforona vao 4 taona izao ao Antananarivo Avaradrano ity kaominina ity. Laharam-pahamehana ho an'ny kandidà ben'ny tanàna Rôby ny hamerina sy ny hanatsara ny voly vary eny an-toerana. Eo amin'ny lafiny sosialy, hiara-hiasa amin'ny fiangonana sy ny sekoly. Ho endriky ny tanàna : laharam-pahamehana ho azy koa ny resaka fambolen kazo sy ny fanarahamaso izay volena. Hifototra amin'ny fambolena misy vokatra azo havadika ho vola sy azo hanina koa ity kandidà ity, izay nahazo tso-drano tamin'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana ihany koa.

***Isambilo***



*Ny kandidà Rôby (afovoany) avy amin'ny antoko TIM, eny Anosiavaratra Antananarivo Avaradrano.*

Ny Valosoa sy hadihady

# Fiainam-bahoaka : velirano tsy misy ventiny ny an'ny fitondrana

Ny mahatary ny vahoaka no maika sy andrasana izao. Maro izy ireo, saingy zara raha nanaovan'ny fitondrana tsidi-pahitra amin'ny asa natao. Andrasana firy volana vao mifofotra hamaha izany? Ny maika? Ireo toe-javatra iainany andavanandro: sakafo toy ny vary sy laoka, ny zavatra ilaina samihafa ahafahana mahandro azy ireo; ny fianaran'ny ankizy sy ny fahasalamana, ny fitateram-bahoaka sy fandriampahalemana, sns… Raha tsy hilaza hafa-tsy ireo ihany. Aiza ho aiza ny fihatsaran'ireo, sivy volana izao? Tsy misy mangirana hampitsiry fanantenana. Vahoaka ory ao anaty fahantrana, nampanantenaina fiovana goavana raha vao mandray ny fitondrana, kanefa inona akory no hita eo. Ny tamin'ny 2009 no naverina. Ny lalana amboarina, eny misy hita soritra ihany, saingy efa fifanarahana tamin'ny fitondrana teo aloha ny ankamaroany, tsy tokony hidedahana izany. Misy amin'ireo asa ireo aza no tena hita ho mitarazoka tanteraka, ka mampijaly ny mponina amin'ireny faritra ireny. Tsy horesahana firy intsony ny amin'io fa efa be ihany izay noresahana teto amin'ny gazety izay. Andrasana fotsiny ny amin'ny fe-potoana amin'ny faran'ny taona, izay fotoana efa nahemotra im-betsaka, raha ho tratra indray. Miara-dalana amin'ny resaka lalana ny fitaterana. Tsy miasa mihitsy ity fitondrana ity raha eo amin'io lafiny io. Sivy volana ve dia tsy nisy vahaolana nampiharina amin'ny fitateram-bahoaka eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Tsy misy fiovana ny fijaliam-bahoaka isan'andro amin'ny fitaterana. Tsy misy fihatsarany ny fijalian'ny mpianatra, ny mpiasa, ny mpivarotra, handeha hamonjy fianarana sy toeram-piasana amin'ny maraina na amin'ny hariva. Efa an-taonany maro io, ary mbola tsy voavahan'ny fitondrana Rajoelina mandraka ity ny androany. Avela hijaly eo ny vahoaka ary tsy hiasana saina firy satria ireo mpitondra sy ny fianakaviany tsy mandeha amin'ireny fiara fitateram-bahoaka ireny. Tsy miasa ho amin'ny famahana haingana ny olambahoaka ny fitondrana.

Olana iray lehibe ankehitriny ihany iainan'ny vahoaka ny fampianaran-janaka. Mampihomehy ihany, araka ny fiteny ankehitriny, ny tolo-kevitry ny vadin'ny filohan'ny Repoblika ny amin'ny hoe hatramin'ny 18 taona tsy maintsy mianatra. Sao dia mbola tokony handalina bebe kokoa ny amin'ny atao hoe Malagasy izy ireo? Mba atoroy izay manodidina sy mpanolotsaina azy mivady re, fa Izany Malagasy izany dia tia mampianaa-janaka tokoa. Tena ao anaty soatoaviny sy toe-tsaina amam-panahin'ny Malagasy izany. Noho ny fahantrany lalina na ara-bola na ara-tsaina izay vokatr'izany ihany koa no fototry ny tsy ahafahany mampita ny zanany ho tonga amin'ny fara-tampony amin'ny fianarana. Ary raha mijery ny zava-misy ankehitriny, vao mainka lalina io fahasahiranana sy fahantram-bahoaka io. Nampidi-kizo azy ny fanjakana tamin'ny fanapahan-kevitra amin'ny fanovaovana ny rafi-pampianarana. Iaraha-mahita anefa izao fa tsy nisy vahaolana akory avy amin'ny fitondrana nanampiana ny ray aman-dreny hampiditra ny zanany hianatra ho amin'ny taom-pianarana vaovao.

Raha tsy hilaza hafa-tsy ireo ihany, fa mbola maro no tokony hosinganina eto, dia hita tsotra izao, fa tsy ny mahamaika ny vahoaka eo amin'ny fiainana andavanandro no hikezahin'ny fitondrana. Sa izany ilay ataony hoe "velirano"? Tsy misy "ventiny"…

***Sôh'son***

Raharaha helikôptera

## Ny alakamisy 19 septambra izao ny didim-pitsarana

Niakatra fitsarana omaly tolakandro ilay raharaha helikôptera tetsy Mahamasina, ka nitorian'ny tafika Malagasy olona miisa 4 dia ny talen'ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) Patrick Andriamisa, mpanao gazety 3 dia ny mpanao gazety ao amin'ny 24h Mada Mahery Rabearivony, Nadia Raonimanalina Le Quotidien sy MBS-Tv, ary Rahelisoa Arphine gazety Ny Valosoa Vaovao sady ao amin'ny seraseran'ny CUA. Naharitra ora 3 teo ny fotoam-pitsarana, mpisolovava miisa 5 mianadahy no niaro ireo notoriana. Nahaliana ny maro ity raharaha ity satria feno hipoka ny efitrano laharana voalohany ao amin'ny lapan'ny fitsarana Anosy, ary anisan'ny maro an'isa tamin'izany ny mpanao gazety izay naneho firaisankina tamin'ireo mpanao gazety namany, toy izany koa ny mpiasan'ny CUA naneho firaisankina tamin'ny taleny, sy ny anisan'ny mpiandraikitra ny seraserarany. Tao aorian'ny fakana am-bavany sy ny fifandresen-dahatra dia nanambara ny filohan'ny fitsarana, izay nandray ity raharaha ity, fa ny alakamisy 19 septambra ho avy izao no hivoaka ny didy. Ankoatra izany mahakasika ny raharaha toy izao, vao herinandro izay no vita ny dian'ny Ray Masina Fransoà teto Madagasikara, sanatria tsy hoe lasa izy dia hohadinoina ny hafatra napetrany fa vao mainka aza tokony hatao miraikitra ao an-doha ary mendrika ny hatao filamatra amin'ny asa atao. Ny Alatsinainy 9 Septambra 2019 dia nandalo tatsy amin'ny Nosy Maorisy ny Ray Masina Fransoà, nampihetsipo ny fandraisan'ny vahoaka maorisiana azy, satria firenena tsy katolika ry zareo fa ny mpanaraka ny fivavahana Hindou no maro an'isa any, kanefa dia tonga maro ny vahoaka nandray sy nihoby azy.

Tsy izay ihany fa mendripiderana ny fihetsiky ny mpitondra maorisiana, izay nanome famotsorankeloka ireo voafonja miisa 114 noho ny fandalovan'ny Ray Masina Fransoà, tsy mba toy izany ny zava-nitranga teto amintsika fa andro vitsivitsy nialohan'ny nahatongavan'ity ray amandreny ampanahy ity dia nisy fiantsoana mpanao gazety teny amin'ny fitsarana ary mbola niakatra fitsarana omaly, sy ny Talen'ny Kolontsaina sy ny Fiainampiarahamonina ao amin' ny Kaomina Antananarivo Renivohitra araka ny efa voalaza teo, tsy mbola nivoaka ny didimpitsarana fa amin'ny Alakamisy 19 Septambra izao no hivoaka ny didy. Antenaina fa hijoro hametraka ny hasin'ny fitsarana sy ny fahamarinana ny fitsarana , isika Malagasy rahateo tsy tokony ho ambaka ny maorisiana satria isika no firenena lehibe indrindra aty amin'ny Ranomasimbe Indiana ary ny filohantsika aza mitonona ho katolika hiringiriny.

***Ny Valosoa***

Fifidianana kaominaly

## Mbola manahy hosoka sy hala-bato ny MCFIE

Amin'ny 27 Novambra 2019 ho avy izao no hanatanterahana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina manerana an'i Madagasikara. Saika nisy kandida avokoa ireo kaominina manerana an'i Madagasikara raha ny nambaran'ny Ceni ny faran'ny herinandro lasa teo. Kaominina roa tany Ambatondrazaka kosa no tsy nisy lisitra mpanolotsaina, ka ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana no tompon-teny farany amin'izany . Ho an'ny Mcfie na ny Fikambanan'ny olom-pirenena tsy mankasitraka hosoka sy hala-bato ary ny tsy fanarahan-dalàna dia manahy hosoka sy hala-bato indray amin'io fifidianana io satria tsy voamarina ny lisi-pifidianana, ary mbola ireo mpikambana amin'ny Ceni hatrany no mitantana ny fifidianana. Nambaran'izy ireo fa tsy tokony mbola hatao aloha io fifidianana io raha tsy izay fanavaozana izay no laharampahamehana. Ankoatry ny anto-bola izay nampihena ny faharisihan'ireo kandida mantsy, dia mbola olana koa ny tsy fahatokisan'izy ireo ny tompon'andraikitra samihafa. Ny 26 septambra ho avy izao no hamoaka ny lisitr'ireo kandida ny Ceni, ary aorian'izay ny laharan'ireo kandida sy ny endriky ny biletà tokana ampiasaina. Andrasana eo indray aloha izany izay ho fizotry ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina amin'ny 27 Novambra ho avy izao.

***Rajo***

**Joël Ralaivaohita, mpanao gazety**

## Mahay politika ny Filoha Marc Ravalomanana



*Joel Ralaivaohita, mpanao gazety, talen'ny MBS-Tv.*

Manoloana ny raharahampirenena amin'izao fotoana, mitondra ny fahitany izay ny mpanao gazety Joel Ralaivaohita : fanehoan-kevitra avy amiko manokana ity hoy izy, ary ataovy toy ny voan-kazo an'ala ry havana. Maro no sadaikatra sy fanina tanteraka rahefa tapitra ny fepotoana fametrahana ny taratasy filatsahana ho kandida Ben'ny Tanàna sy Mpanolo-tsaina, indrindra ho an'Antananarivo Renivohitra manokana. Niandry ny filatsahan'andriamatoa Marc Ravalomanana, na ny andaniny na ny an-kilany. Raha izaho manokana dia ny alakamisy tamin'ny dimy ora sy fahefany (17h15) vao nahalala fa tsy i Marc Ravalomanana no kandida natolotry ny antoko TIM teto Antananarivo. Anisan'ireo mba fanina koa aho tany am-boalohany. Saingy taorin'izay dia ireto fehezan-teny avy amin'i Sun Tzu ireto sy ny fanehoan-kevitr'Itompokolahy Francisque Ravony tamin'ny faramparan'ny taona 2002 no tsaroako avy hatrany. Hoy Sun Tzu tao amin'ny asasorany « L'art de la guerre » : « Que l'adversaire ne sache jamais comment vous avez l'intention de le combattre… » « C'est d'après les formes que j'établis les plans qui mènent à la victoire, mais ceci échappe au commun des mortels ». Ary hoy i Francisque Ravony niresaka momba an'i Marc Ravalomanana tamin'ny faramparan'ny taona 2002 : « Tamin'ny voalohany dia niteny tamiko izy fa mbola zavatra tsy hainy ny politika fa vao hianarany io, fa amin'izao fotoana dia tena resy lahatra aho fa efa mahay politika i Ravalomanana, tena mahay politika i Ravalomanana, ary saika voany aby mpanao politika io… »

Ny zavatra tsapako dia izao : samy niandry na ny andaniny na ny an-kilany hoy aho fa i Marc Ravalomanana ilay kandida. Tsy maintsy namoaka « jôkera » ny an-kilany hiatrehana azy. Dia nivoaka ny « jôkera », mpikambana ao anaty governemanta mitazona ministera manan-danja, olona manan-kaja ao anatin'ny « grande famille » eto Iarivo, mpandraharaha matanjaka, eken'ny « dernier carré » amin'ny « françafrique » (izay niasa mafy mba hisian'ny ni…ni… vaovao amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra), ary indrindra indrindra olona manana sy homena ny enti-manana tsy voafetra (moyens illimités). Io ilay « jôkera » nomanina hiatrika an'i Marc Ravalomanana kandida. Saingy tsy i Marc Ravalomanana ilay kandida. Randriamasinoro Tahiry Ny Rina ilay kandida, tanora 36 taona, teknisiana, olom-baovao tanteraka, zara raha misy mpahalala eo amin'ny tontolo politika. Izaho manokana, amin'ny maha olom-pirenena ahy, hanohana azy.

***Nangonin'Isambilo***

*TONONKALO*

### Hazakazaka eto Iarivo

Fa nankaiza ny tanora no 'goaika antitra" no ajoro?
(Nefa ireny anie mazàna , tena sarotra atoro!)
Ny tanora gasy vonona, moa tsy nisy nifidianana,
Sa voafitaka fa hoe hirotsaka Ravalomanana ?

Diso kajy izany izao satria niseho ny tsy nampoizina ?
(Ary dia tsy nety koa ireo hevi-dratsy izay novoizina ?)
Ny hamingana an'i Dada , izay no masaka ao an-tsaina,
Kanjo niala fandrika izy dia izao `nareo nangaina !

Dadabe sy zafikely, izany izao no hifaninana ,
Ary dia tsy hay intsony izay ho voka-panadinana.
Ny azo antoka dia izao , mpandresy tsy hahazo laza
I dadabe raha toa mandresy ka mandavo an`ito zaza.

Nefa izay ilay hazakazaka izay andrasana ato ho ato.
(Ny irina dia tsy hisy ny hosoka sy ny hala-bato.)
Miomàna , miomàna , hafana indray ny renivohitra.
Sarimihetsika mitohy: ny mpiara-dia sa ny mpanohitra ?

***SEDERA RAVALISON (15-09-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fitsarana ireo mpanao gazety sy ny talen'ny CUA teny amin'ny fitsarana Anosy.









ADY TANY SY FIVAROTANA TANY

## Mbola sarotra fehezina eto Madagasikara

Amin'ireo fitarainana voarain'ny fiadidiana ny repoblika etsy Ambohitsorohitra, dia ady tany avokoa ny 70% ny antontan-taratasy tonga. An'arivony isa mantsy ireo antontan-taratasy voaray toy ny kolikoly, olana ara-piarahamonina ary ady tany, ka ny ady tany no tena betsaka amin'izany . Nandritry ny fanazavana nentin'ny teo anivon'ny fiadidiana ny repoblika no nahafantarana fa an-jatony ireo olana efa voavaha, saingy mitohy hatrany ny famahana izany olana izany ankehitriny. Mila fanabeazana miainga ifotony ihany koa izany raha ny fanazavana ihany. Tsiahivina, fa mirongatra mihitsy ity resaka fanotofana tany, fivarotana tany ary ady tany ity raha ho antsika eto Madagasikara manokana. Tsy eto andrenivohitra ihany, fa hatrany ambanivohitra ihany koa, ka lasa mitondra olana eo amin'ny fiaraha-monina, izay miafara amin'ny tsy fandriampahalemana mihitsy aza izany. Rahoviana vao ho foana ity resaka ady tany ity satria raha mbola ao foana ny fitiavan-tena sy ny tsolotra dia tsy ho foana mihitsy ity ady tany ity, ka tokony handraisana fepetra manokana mihitsy izany .

*Rajo*



## Sakafo Ny Valosoa

Akoho saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo sakafo mampidina tosi-drà

Ireo sakafo mampidina tosi-drà indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mba hampidinana ny taha hiakarany dia misy karazan-tsakafo manampy betsaka sy mitazona ny tosi-drà tsy hiakatra. Ireto avy izy ireo :

**-Ny brocoli :**
Mihinana legioma sy voankazo betsaka indrindra toy ny brocoli izay be kalsioma, manezioma ary potasioma. Ireo no handrindra ny tosi-drà. Misoroka aretina mifandray amin'ny lalan-drà rahateo ny flavonoïdes ao anatiny. Tsy atao masaka be kosa mba ho voatahiry avokoa ny otrikaina ao anatiny.

**-Ny tongolo gasy:**
Voaporofo fa mampihena ny tahan'ny tosi-drà sy ny kolesteroly ratsy ny tongolo gasy. Mihinana singana efatra isan'andro raha te-hisitraka ny tombotsoa azy avy aminy.

**-Ny vomanga:**
Be potasioma, kalsioma ary manezioma ny vomanga ka manampy amin'ny fampidinana ny tosi-drà tsara koa .

**-Ny yaourt**
Araka ny voka-panadihadiana iray natao tao Minnesota dia mampihena hatrany amin'ny 31% ny taha hampiakatra ny tosi-drà ny fihinanana yaourt matetika sy amin'ny fotoana raikitra noho izy be kalsioma.

**-Ny « amandes » manta:**
Mahatsara ny fahasalamana sady mitazona ny tosi-drà tsy hiakatra koa ny « amandes noho izy be potasioma, manezioma, ary asidra gras tsara kalitao.

**-Ny kakao:**
Be flavonoïdes ny kakao ka miaro ny vatana amin'ny rarin-tsaina . Ity aretina farany ity mantsy anisan'ny fototra mahatonga ny tosi-drà hiakatra ihany koa. Be manezioma sy potasioma rahateo ny kakao.

**-Ny tamotamo:**
Misoroka aretina maro ny tamotamo ary anisan'ireny ny fiakaran'ny tosi-drà. Manana fahafahana misoroka ny rà tsy hivaingana ao anaty sady miaro azy amin'ny mikraoba koa ny tamotamo.

**-Ny akondro:**
Hita ao anatin'ny akondro ny otrikaina mineraly miaro ny fo sy ny lalan-drà dia ny manezioma, ny potasioma ary ny kalsioma izany.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Marofoty any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Marofoty any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ny dikan'ny hoe Marofoty dia maro fotsy. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 37 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, akaiky ranomasina ihany no misy azy. Arak'izany dia misy mpanjono ny mponina ao, mpamboly sy mpiompy ihany koa: miompy omby, osy ary ondry. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 152), Madagasikara 15 septambra 2019

***Deoteronomia 4: 23-24* "Mitandrema hianareo, fandrao manadino ny faneken'i Jehovah Andriamanitrareo izay nataony taminareo ka manao sarin-javatra voasokitra ho anareo, araka ny endriky ny zavatra izay efa nandraran'i Jehovah Andriamanitrao anao. Fa Jehovah Andriamanitrao dia afo mandevona; eny, Andriamanitra saro-piaro Izy."**

Ry olombelona manara-dia ANAY ô! Tandremo fa didy sy fitsipika avokoa izay ambara aminareo. Aoka tsy hisy hanandrakandrana na hanao ny fampianarana ho zava-poana. Ny vavaka, aza hadino fa antoky ny fahamatorana ara-panahy, fiambenana, fiarovana ary antoky ny fanantenana ny amin' ny ho avy ka aoka tsy hisy hamotsotra. Toy izao ny endriky ny vavaka sy ny zavamisy miaraka aminy. Raha toa ka misy olona iray mivavaka dia misy anjely iray manoratra tonom-bavaka ambarany. Rehefa vita ny vavaka ataonao dia miala eo aminao ilay anjely mitondra ny bokim-bavaka miakatra aty ambony. Hafa ny anjelin' ny tany miaraka miasa aminao ary hafa ny anjely mandray ny boky. Misy faritra ifanoloran' izy ireo ny boky, miandry eo kosa ilay anjely mandra-piverin' ilay anankiray mitondra ny boky miverina. Adika amin' ny bokim-bavakao aty ambony izay voasoratra ao, rehefa vita izany dia aterin' ilay anjely eo amin' ilay miandry mba ho entiny miverina eo aminao indray izany. IZAHAY kosa aty ambony mandinika sy miresaka ny aminao sy izay atao aminao noho ilay vavaka ataonao. Fantatray fa miandry ny valiny hianao. Fantatray izay mety aminao, izay mahasoa anao, ary izany rehetra izany dia amin' ny fotoanany avokoa fa IZAHO tsy mba mahaela ny TENY FIKASAKO fa ho anao indrindra izany, ***II Petera 3: 9***. Ny hampety ny fiainanao no tanjonay, hianao ilay tsy ampahorian' i losifera, hianao miaina ao anaty fifaliana sy fiadanana ary tia ANAY sy mifandray aminay amin' ny zavatra rehetra. Ny olona manana ny FANAHY MASINA, ilay Fanjakana ao anatiny dia olona mahery mivavaka, mazoto mivavaka, maharitra mivavaka sady miandry sy miaina ampitoniana, tsy taitaitra, tsy maimaika, tsy misehoseho. Ilay Fanjakana ao anatinao io no ilay Fanjakana miresaka AMINAY. Noho izany aza atao kitoatoa ny fivavakao fa aoka hianao hahery ary tena mahery. ***Isaia 55: 1**** *"He! hianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa amin'ny rano!."* Aoka tsy ho hadinonao fa ny atao hoe "VAVAKA" dia fandravana efitra sy famokisana ny fanahinao. Ny vavaka ihany koa dia fananganana izay efa rava teo amin' ny fiainanao. Fiarovana anao ny VAVAKA izay atao mba ho fiambenana anao tsy handeha any amin' izay mety sitraponao sy izay tianao hatao, fa misy FANAHY MASINA. Ny VAVAKA koa dia MITAHIRY mandra-pihavin'i JESOSY eny amin' ny rahon' ny lanitra. Izany ilay FANOHARANA ny amin' ireo virjiny 5 hendry sy 5 adala, izany hoe FIOMANANA koa ny VAVAKA. Ny olona izay mivavaka eo anatrehako JEHOVAH dia mahafehy ny tenany, ny sainy, ny fony sy ny fanahiny tsy ho voaloto amin'izao fiainany ratsy marobe izao, fahafinaretan' ny nofo, filàna isan-karazany. Ry Daniela rehefa tsy mandoto ny fanahiny sy ny tenany eo anatrehan' ny mpanjaka dia mahita sy mahazo famindram-po tamin' ny alalan' ny tandapa. Mba fantatrareo ve fa ry Daniela na dia babo aza dia mbola nahery nivavaka sy nitandrina tsy ho voaloto tamin-javatra maro. Mba dinihonareo tsara fa nomena an-dry Daniela ny Fahendrena sy ny Fahalalana nohon' ny faherezan' izy ireo nivavaka. ***Daniela 1: 18-20*** *"Ary nony tonga ny andro nasain'ny mpanjaka hampidirana azy, dia nentin'ilay lehiben'ny tandapa niditra teo anatrehan'i Nebokadnezara izy.Ary ny mpanjaka niresaka taminy, ka tsy nisy hita izay tahaka an'i Daniela sy Hanania sy Misaela ary Azaria tamin'izy rehetra, ka dia nitoetra teo anatrehan'ny mpanjaka izy ireo. Ary ny amin'ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra izay nanontanian'ny mpanjaka azy, dia hitany fa nanan-tombo im-polo heny noho ny ombiasy rehetra sy ny mpisikidy izay teo amin'ny fanjakany rehetra aza izy."* Tiako JEHOVAH ambara koa dia izao: ny VAVAKA dia misintona FANOMEZAM-PAHASOAVANA koa dia anjaranao no misaina sy mieritreritra izany rehetra izany. Ny olom-bavaka dia misafidy ny ho aty an-danitra mandrakariva. Ny vavaka no mihazona ny harem-pahasoavana sy ny fanomezam-pahasoavana tsy miala eo amin' ny olona iray manana izany. Tsy mba mety kivy na koa ketraka ny olom-bavaka, feno fanantenana mandrakariva tsy mba tezitezitra izany, lavitra ny alahelo, mora mitraka na dia lalovana adim-piainana aza, mandroso ara-panahy, tsy mba miandry baiko fa tarihin' ny FANAHY amin' izay atao rehetra. Matahotra olona tia vavaka sy mahery mivavaka i losifera ka dia miala maina foana raha mikasikasika ireny olompanjakan' ny Lanitra ireny. Ny mpino an' i JESOSY milona ao anaty vavaka dia sahy miady ny ady tsaran' ny FANJAKANA satria manana FINOANA sy mitombo amin' izany. Izay tia mivavaka tia Fahamarinana. Ny vavaka ataonareo no miteraka Fitiavana tsy mety maty fa miredareda sady maharitra mandrakizay. Izay mivavaka ao amin' ny Fanahy mamantatra izay an'ny Fanahy sady miaina amin' ny TENY FIKASANA. Aza hadino fa ny vavaka ataon' ny olona dia mitaky Fampiraisana, Fiombonana sy Fifankatiavana ary tsy tokony ho rava izany. Tsarovy tsara ry mpivavaka isany fa EMBONA avy aminao miakatra aty AMIKO ny VAVAKAO ataonao, tsy fifaninanana fa fanoloran-tenanao mba ho hitanay, fifankazaranao AMINAY mba hisy fiadanana ny fiainanao. Farany: ny VAVAKA sady mamoaka zava-miafina no mitahiry zava-miafina koa. ***Romana 12: 12. Efesiana 6: 18. Filipiana 4: 6. Ohabolana 15: 8. Ohabolana 15: 29. Jakoba 5: 16.***

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandria[22]manitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Salamo 119:55***

*Mahatsiaro ny anaranao nony alina aho, Jehovah ô, ka mitandrina ny lalànao.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Lehilahy tanora mahery ny kandidà ben'ny tanàna TIM eto Iarivo



**Jeunes Leaders de Madagascar Pro Ravalomanana :** lehilahy tanora mahery ny candidat antsika ho ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra. Zanak'i dada ... Mbola miantso ny mpanohitra hanohana azy na tsy nirotsaka aza ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Fafah Razafindratsima :** lehilah mahery marina , okkkk, io no antsika, hiara-hirona isika hanohana azy amin' ny fampielezan-kevitra.

**Aurelie Raveloarisoa :** MANKASITRAKA RINA, alefa Rina a !

**Orima Ratsaravahy :** zavapoana dol rh MBL tanjaka n resahan.ng e ts mdik inn io sad enw na hiantehtr @hernw aza taddio f n tampok ts mahlehlah e sad na superman mety ho KO io. Aza Mb miantehtr @her s tanjaka Zan f ts htondr anw h aiz akor Zan sad TSS idiran resk Ben tanàna @io ko.

**Gildos Rasolanimamba :** sady manam-pahaizana ara-bola io izany, no manam-pahaizana eo amin'ny reasaka miaramila, hihihiiiii ! Manohana azy isika, hatambatsika ny hery.

**Holinirina Rslfds :** alefa Tahiry Ny Rina, hatambatsika ny hery ho fampandresena azy, tsy havelantsika ho rombahan'ny naman'ny mpanongam-panjakana, mpanimba firenena Antananarivo Renivohitra.

**Ndriana Rakotoarisolo :** aleo ho entin'ny tena gasy IARIVO fa TSy Mpisandoka ho prince reraka. Mila olona Malagasy 100% ny renivohitra fa tsy ho viravirain'ny saribakolim-bazaha.

**Nana Chan :** tsy nahavita tao amin'ny MAE i Naina Andriantsitohaina matoa halefa hitsapa vintana eto Antananarivo indray. Na Ambasadaoro any ivelany aza, mbola vitsy no notendren'izy sy ny filoha Rajoelina, ka aiza moa no andeha ny diplaomasia Malagasy hatramin'izao.

**Linah Luni Velombe :** braavoooo, alefa Rina a ! ho ben'ny tanànan'Antananarivo, dia avy eo ho filohan'ny Repoblika koa, hihihiiiii!

**Bodo Arisoa :** alefa Tim a! alefa koa rodoben'ny mpanohitra!

**Mahery Andrianantenaina :** aLEFA TAHIRY RINA IZAY MAKA ANAO E! ho ben'ny tanànan'Antananarivo, tohizo ny zava-bita tamin'ny fahatsaram-pitantanana ao amin'ny CUA, ohatra prime ho an'ny mpiasa 100 000 Ar isan'olona amin'ny 26 jona sy ny faran'ny taona,...

**Ny Avotra Ramisasoa :** manam-pahaizana amin'ny fitantanana sy fitantanam-bola io, manana traikefa amin'ny fiofanana ara-miaramila koa, heverina fa tena ho afaka hahafehy tsar any Renivohitra, efa ataony izany amin'izao fotoana miaraka amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ny conseiller special Marc Ravalomanana.

**Ny Antso Fenosaotra :** anay avy amin'ny Région koa manohana kandidà jeunes io.

**Cézara David :** tiako raha karà ty. ny sortant ENAM tsy maintsy mandalo ACMIL. Zay Zanak'Avaratra koa manohana izy! Alefa Rina, ho Maire Tanà.

**Mihajasoa Luciana Aina Mc :** waw fière zahay manan azy, io no ho ben'ny tanànantsika e! Alefa Rina, alefa Dada, alefa Tim, alefa RMDM!

**Rivoson Eric Rakotondramasy :** tojo ny henjana sy tena tanora marina manapahaizana zany ny namana Rajo kou , tsy efa maty lolo ve , sady bogosy beu noho izy ty no tanora be no izy , Tim tsy lany bogos sy tanora eee. Tena manana olona ny TIM, antoko mbola tena matanjaka eto Madagasikara.

**Justin Mily :** zahay koa manohana izy, mila jeune ka raha izy fitondrana ny capitale, alefa Rina !

**Carol Rasoamihaja :** sady tanora, no beau gosse, no mahay ity, tena mazavazava ho azy ihany ny lalana ho etsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely, izy rahateo efa ao amin'ny maha-SG ny Kaominina Antananarivo Renivohitra azy.

**Philémon Rasolomanana :** mila olona tanora toa azy, aina vao toa azy ny renivohitra, tsy hoe tsy nahavita ny Maire Lalao Ravalomanana, tena nahavita izy, fa mila olom-baovao indray Antananarivo, alefa Rina!

**Bezo Rasolo :** hatambatsika ny hery ho fampandresena an'i Rina, somary nipatitaka ihany izany teo, nandritra ny fifidianana depute farany teo ireny, izay mitambatra vato, izay misaraka fasika e! Alefa Rina, alefa Tim, Alefa RMDM, alefa ho an'ny rehetra Pro-Ravalo, na ireo tsy nomba azy koa aza teo aloha.

KICK BOXING

## Ny 22 septambra ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara any Fianarantsoa

Hotanterahina any Fianarantsoa ny alahady 22 septambra ho avy izao ny championat national, fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja haiady, kick boxing. Efa mandeha ny fiomanana isaky ny ligy amin'izao fotoana izao, toy ny fifantenana sy ny fanomanantena. Ho an'ny ligy Analamanga, klioba miisa 11 no hifantenana ireo mpikatroka handray anjara, ka ireo izay tena manana ny fahaiza-manaony no hiakatra ny ringa.



*Mpiangaly kick boxing avy amin'ny Puissance Team Kick Boxing.*

Fanampim-panazavana : Ho an'ny eto amin'ny ligy Analamanga, omaly no nanomboka ny fifantenana ireo mpikatroka handray anjara hiatrika ity championnat national hatao any Fianarantsoa ity, hentitra ny fanaovana ny sivana, Klioba 11 eto Analamanga no hifantenana ireo mpikatroka hoany Fianarantsoa araka ny efa voalaza teo, efa mampiomana sahady ny avy eo anivon'ny ligy fa tsy hisangisangy mandritra ity fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ity. Vao vita ny fifantenana dia hiroso avy hatrany amin'ny fanaovana fanazarantena, amin'ny alalan'ny fifandonana samy hafa ireo mpikatroka voafantina.

**Naina**

Fjkm Anosiarivo Betela Vaovao

## 60 tapitrisa Ar ny vola ilaina hamitana ny akany noho ny faha-150 taona

Nisongadina nandritry ny fetin'ny taranaka tao amin'ny Fjkm Anosiarivo Betela Vaovao Manjakandriana, synodamparitany Antananarivo atsinanana, fa tsy maintsy ho vitaina ny tsangam-baton'ny faha-150 taonan'ny fiangonana, dia akany izany. Nifarimbona tamin'ny vokatra isan-taranaka sy lavantim-bokatra ireo mpino kristiana ny alahady 15 Septambra lasa teo, ka tsy maintsy hovitaina ity akany ity na dia mbola amin'ny taona 2020 aza vao feno 150 taona ny fiangonana. Fihaonambe niarahana tamin'ny zanaka am-pielezana ny alahady teo, fa ny 12 Oktobra ho avy izao kosa no ivon'ny fankalazana iarahana amin'ny foibe Fjkm. Iray taona no nanombohana ny asa, ary efa vita ny lalotra anatiny ankehitriny fa ny tohin'ny asa dia ny famitana ny lalotra ivelany, ny tafo sy ny kojakoja samihafa. Atao manara-penitra ity akany ity raha ny nambaran'ny filohan'ny komity, Rakotondrasoa Niry Lanto nandritry ny fandraisam-pitenenana narahina fanentanana sy fahavononana hiara-hiasa tamin'ireo mpino kristiana marobe tonga teny an-toerana. Tratra ny tanjona tamin' ny vola ahafahana mamita ny asa, saingy mbola mitohy ny ezaka satria manodidina ny 60 tapitrisa ariary ny vola ilaina amin'izany . Atao manara-penitra ity akany ity, ary filamatra amin'ireo akany samihafa eo anivon'ny synodam-paritany raha ny nambaran'ny filohan'ny komity ihany, ka mitaky ezaka amin'ny tsirairay.

**Rajo**

## Taratasin'ny mpamaky

Miarahaba Tompoko, malaza ankehitriny ny resaka manodidina ireo mpifaninana ho fidiana ho ben'ny tanànan'Antananarivo. Ny mba soso-kevitro dia ny hanadihadiana lalina ny antony nahatonga an'i Andry Rajoelina handrotsaka an'Ingahy Naina Andriatsitohaina ho mpifaninana. Minisitra izy ary isan'ny "ministère régalien" no entiny nefa ve dia andeha ho ben'ny tanàna ? Tsy maharesy lahatra ahy ireo hoso-doko hanolorana azy ho mpifaninana, ka izay no mahatonga ahy hieritreritra hoe:

- Sao kosa ary tsapa fa tsy nahomby ny asa nataony amin'ny maha minisitra azy? Iaraha-malala fa tsy nisy na dia songadina iray aza vitan'ny MAE nandritra izay 8 volana izay ankoatra ny nizara ny îles éparses tamin'ny frantsay. Tsy vitany ny nandresy lahatra ireo mpamatsy vola mahazatra. Tsy nisy nihetsika ny fiaraha-miasa "bilateral" amin'ireo firenena vaventy mpamatsy vola ho amin'ny fampandrosoana. Tsy nisy na dia soso-kevitra iray aza natolotr'i Madagasikara na teo amin'ny lafiny rejionaly, kontinantaly na iraisam-pirenena. Tsy nisy soso-kevitra hafa ahitana vahaolana hialana amin'ny famatsiambola mahazatra rehefa tsy nahomby izany. Nijanona tany Egypta nijery Barea no nataony... Sao noho izany tsy fahombiazana rehetra izany, sy izay hafa tsy voatanisako, no tiana haniliana azy eo amin'io toerany io, ka andefasana azy handoto rano eto Antananarivo?
- Sa kosa ary Andriamatoa Naina Andriantsitohaina anisan'ireo londohany nikarakara ny famatsiam-bola ny fifidianana nandaniana vola be tamin'iny 2018 iny, ka tonga ankehitriny ny fotoana tsy maintsy hamerenana na ny vola na ny takalony nampanantenaina ireo mpamatsy, ka amin'ny maha tompon'antoka azy dia atao izay hametrahana azy ho ben'ny tanànan'Antananarivo mba hampety haingana ny fandehan-draharaha rehetra. Ohatra fanomezana tolo-barotra, fanamorana ny fahazoan-dàlana hanatanteraka izato sy zaroa eto Antananarivo ho an'ireo mpandraharaha tera-tany niara-nisôsy sy ireo vahiny mpangoron-karena.

Mety misy antony hafa saingy santionany ihany ireo mba hanintonako ny saintsika hijery aim'izay lafiny izay dieny izao vao miatomboka izao.

Mirary soa Tompoko,

***Vonjy***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA : Ny lohan'ilay train TGV mihitsy no manana olana




Tabera Randriamanantsoa

## Fandikan-dalàna ny fandroahana ireo mpiasan'ny masoivoho Malagasy miisa 458



Tsy mitombina ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, mikasika ny fampiatoana amin'ny asany an'ireo Mpiasam-panjakana raikitra sy ECD, miasa amin'ny Masoivoho Malagasy any ivelany hoy Andriamatoa Tabera Randriamanantsoa Filohan'ny Antoko Kintana. Nilaza izy farany fa alohan'ny handraisana an'izany fanapahan-kevitra izany dia tokony ho nandalo teny amin'ny Filan-kevitry ny Ministeran'ny Asam-panjakana "Conseil Supérieur de la Fonction Publique" ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny ary tsy maintsy misy Sonia fankatoavana avy amin'ny Filankevitry ny Asam-panjakana. Nanohy nanazava ity Filohan'ny Antoko Kintana ity, fa tsy nanaraka an'ireo ambaratongampahefana ny DRH ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny (Directeur des Ressources Humaines), izay nandidy ny Minisitry ny Asam-panjakana hampiato an'ireo Mpiasan'ny Masoivoho any ivelany ireo satria nodinganina avokoa ireo Sampandraharaham-panjakana izay eo ambony tahaka ny DRHE, ny Dir cab ary ny S.G ny Ministeran'ny Asam-panjakana sy ny lalàna Sosialy. Nanamafy Andriamatoa Tabera Randriamanantsoa fa tokony hofoanan'ny Ministeran'ny Asampanjakana sy ny lalàna Sosialy ity didimpanjakana navoakan'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny ity, satria hikorontana ny fiainan' ny fianakavian'ireo Mpiasan'ny Masoivoho Malagasy nohon'ny fahatapahan'ny karama. Nilaza ny Filohan'ny Kintana fa tokony hametraka fitoriana haingana eny amin'ny Fitsarana misahana ny Raharaham-panjakana "Conseil d'état" ny Sendikan'ny Mpiasam-panjakana, mba haato io fanapahan-kevitra noraisin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny io ary atahorana hiafara amin'ny fandroahana an'ireo ECD eto Madagasikara ihany koa izany. Manao antso avo an'ireo Parlemanta iAndriamatoa Tabera mba hanaitra ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, mba hampiato an'ity "Décret" ity. Olona tsy mieritreritra ary tsy mahay na inona na inona hoy ny Filohan'ny antoko Kintana ny olona namoaka an'ity "Décret" ity, izay tsy manaraka ny lalàna mifehy ny Mpiasam-panjakana.

***Franck Razakambelo***

FIMPIAMA

## Mitaraina noho ireo Sinoa Mpanao lalàna etsy amin'ny Route Digue

Simba avokoa ny entan'ireo Mpivarotra asa tanana mikambana ao amin'ny FIMPIAMA : Fikambanana Mpivarotra Art Malagasy, etsy amin'ny Route Digue nohon'ny fiakaran'ny vovoka avy amin'ny lalana atao eny hoy i Andriamatoa Razafindrabe Jeannot, Filohan'ny FIMPIAMA. Nanohy nanazava ity farany fa sempotra ireo mpivarotra ary betsaka no efa marary tao anatin'ny 3 taona niantombohan'ny Tetik'asa. Mangataka amin'ny Tompon'andraikitra izy ireo, mba ho « Titré et Borné » amin'ireo Mpivarotra asa-tanana io toerana io izay hanaovany asa fivelomana io. Nanohy nanazava ny Filohan'ny FIMPIAMA fa hiezaka hanatanteraka fambolen-kazo ny mpikambana FIMPIAMA ho fiarovana ny tontolo iainana satria miankina betsaka amin'ny hazo ny entana amidin'izy ireo. Marihina fa efa 23 taona ny FIMPIAMA ary misy mpikambana 400 etsy amin'ny Route Digue.

***Franck Razakambelo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**147/09/19 hatramin'ny 21/09/19**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 954-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FESTIVAL DES FIBRES NATURELLES

## Ho tanterahana ao amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny

Ho tanterahana eto Antananarivo Madagasikara, ao amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Anosy, ny 10 ka hatramin'ny 13 oktobra ho avy izao ny fampirantiana momba ny asa Tanana vita amin'ny fibra voajanahary na Festival de Fibres Naturelles. Ho hita mandritra io hetsika momba ny toekarena sy varotra io ireo asa Tanana samy hafa vita Malagasy, fa hisy koa ny vitan'ireo vahiny avy aty amin'ny faritra atsimo andrefan'ny Ranomasimbe Indiana. Loha-hevitr'izao hetsika izao ny hoe: asandrantsika avo ny asa-tanana malagasy. Ho avy hanotrona sy handray anjara amin'izany koa ny : EFOI- Ile Maurice/Rodrigues: fivondronan'ireo vehivavy mpandraharaha avy atsy amin'ny Nosy Maorisy sy Rodrigues. Ny Défis des Femmes La Réunion, ny EFOI Seychelles, ny EFOI Comores. Ho an'ireo rehetra liana amin'izany hetsika momba ny asa tanana izany dia afaka mitsidika ny ny pejy facebook : "Festival des fibres naturelles ". Ho an'ny eto Madagasikara sy ireo mpiara-miombon'antoka, maro ireo fikambanambehivavy handray anjara amin'izany toy ny EFOI-Madagascar, ARENA-MADA, Mica, ny MAE, ny OIT, FACMAIR, OIF, ny COI, ny FCCIA.

***Aly***

Ortana

## Randonnée mamakivaky an'i Vakiniadiana ny 21 septambra izao


Hamakivaky an'i Vakiniadiana indray ny randonnée, na ny fitsanagatsanganana laroiana fanatanjahanetana hazakazaka sy dia an-tongotra, izay ho karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-paritry ny fizahantany Analamanga ny sabotsy 21 septambra ho avy izao. Hiainga any Ambatomanga Manjakandriana izany randonnée izany ka tsy hifarana raha tsy ao Ambatolampikely amin'ny lalampirenena faha-2 iny. 34,8 km no halavan'ny lalana amin'ity hetsika ity, hiainga any Ambatomanga, handalo an'Ankadimanga, Angavokely, Ambohibehasina, ary hipaka any Ambatolampikely. Ho hita mandritra izany ihany koa ny hakanton'ny voahary sy ny tanàna amin'ny faritra lalovana ireo, ny alan'Angavokely,... Ho an'ireo mety tsy hahavita hatramin'ny farany ny dia, hisy fiara handray azy ireo eny andalana, ho an'ireo hanatanteraka izany hatramin'ny farany dia kendrena ho vita mandritra ny ora 9 izany.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 293**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0292)

***Mitsivalana***
- Fotoana
- Ilo - Mena
- Loha - Nan(a)
- Vano (Miv) - Toy
- Hatory
- Vono (Miv)
- Mahaino

***Mitsangana***
- Filoha
- Olona
- Tohatra
- Avo
- Ma (Miv) - Roa
- Nentiny
- Anao - No (Miv)
- Ovaina (Miv)

Zotra mankeny Andoharanofotsy


## Mitaraina ny mpandeha amin'ireo mpitatitra mivily any amin'ny By-pass

Mitaraina sy mimenomenona ireo mpandeha amin'ireo taxibe manao ny zotra mankeny Andoharanofotsy. Ambaran'izy ireo, fa maro no mivily mankany amin'ny lalana by-pass, ka voadingana ny lalana mihazo ny Magazay M taloha sy miakatra an'i Malaza sy mamonjy an'Andoharanofotsy. Mazava loatra fa na misy aza ireo fiara fitateram-bahoaka sasany dia misy fiantraikany eo amin'ny vahoaka ny fihenan'ny isan'izy ireo. Mangataka ny tomponandraikitra ireo mponina sy mpandeha ny amin'ny hijerena akaiky izao olana manjo azy ireo izao. Marihina, fa tsy eny amin'iny zotra iny ihany no mampijaly ny vahoaka fa amin'ny zotra maro eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Eo ny fivilian-dalana toy izao, fa tsy laitra mihitsy ny fanaovana tapa-dalana dia miverina sy ny fodiana alohan'ny fotoana ataon'ireo taxibe maro ao anatin'ireo kaoperativa maro misahana ny zotra eto an-drenivohitra sy ny manodidina.
Etsy ankilan'izany, tsy hita mazava izay asa sy ezaka ataon'ny antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, na ny ATT hatramin'izay niovan'ny mpitondra ao aminy izay. Tsy misy vahaolana sy fepetra vaovao noraisiny mihitsy hatreto hifehezana ireo mpitatitra misahana ny fitateram-bahoaka izay tena manao izay maha diavolana ny fony sy manararaotra toy ny banga mihomehy alina araka izay tiany. Avela hijaly mandrapahoviana ny vahoaka ?

***Radafy***



**TENY MIFANARAKA** **N° 293**




**Mitsivalana**
**1.** Tsipazana **2.** Andro ratsy - Manondro toerana **3.** Ao amin'ny hena - Fanontaniana (Miv) **4.** Aiza ? - Enina sy telo (Miv) **5.** Amin'ny tanàna **6.** Tapak'andro (Miv) - Mpanoritra **7.** Kianteny - Aizina **8.** Tsy sahy intsony (Miv) - Bibikely (BL) - Mpanondro akaiky **9.** Savoritaka **10.** Mampisafidy - Ho tanterahinay

**Mitsangana**
**A.** Fomba fihetsiny **B.** Fotoana - Aseho ivelany **D.** Lio - Vohitra (BL) - Hita ao amin'ny vatana **E.** Zokiolona efa be taona - Antsasaky ny rano **F.** Hekitara - Dila (Miv) - Heloka (BR) **G.** Fanontaniana? **H.** Tsy ao aloha, fa aoriana handatsa (BR) - Fanampin'anarana **I.** Avotana - Tsirinteny **J.** Renirano - Tovana Iharana **K.** Voankazo maro karazany - Bibin-drano masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0292

***Mitsivalana***
1. Mavesatra 2. Ana - IV 3. Tsinkafona 4. Senia - Ravo (Miv) 5. Ora - Rafy 6. Fito - (V)at(a) 7. At(y) - Avoratr(a) 8. Nao - (M)aso 9. (M)anta - Inana 10. Riaka - Loka (Miv)

***Mitsangana***
A- Matso - Rana (Miv) B. Saratany D. Voinna - Ota E. Ny - Fa - Ak(a) F. Sakarivo G. Ana - Ato (Miv) H. Tafoforana I. Ovy - Kasa (Miv) J. Aina - Atono K. Varratr(a)


Riana Randriamasinoro,
kandidà Ben'ny
tanànan'Antananarivo
Renivohitra